## Rina Randriamasinoro
## Miara-miory amin'ny fianakavian'i Fafah sy ny tarika Mahaleo 3


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 22 oktobra 2019 Laharana 969 Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


**Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 160), Madagasikara 20 Oktobra 2019** 5

**Kandidà Rina N°02, Antananarivo** 2

# Mbola be ny zavatra hatao na efa be ny zava-bitan'ny CUA




**DG ny Sourcin Voyage sy JK Group** 6

# « Wanted » Rabe Jo Willy Niaina



**KIRANOMENA FENOARIVOBE** 2

### Tanora hitondra fanavaozana i Setra Rabeson N°01



**Fanadinana bakalorea** 4

### Tsy fantatry ny mpianatra ny lesoka tokony harenina

**Fitsarana any Antalaha** 6

### Nomena fahafahana vonjy maika ilay voarohirohy ho namono

**Vonjeo Ambohitrimanjaka 974** 3

### Atsaharo ny fanotofana tany sy ny fampiasana herisetra amin'ny vahoaka

**Daka kely**

Be mokonamihitsy izany nareo ry Boaikely amin'ity fanontofana tany ity a !

**VSMM** 3

### Nanao fihaonambe ho fiatrehana ny fampandrosoana ny faritra



KANDIDÀ RINA N°02, ANTANANARIVO

## Mbola be ny zavatra hatao na efa be ny zava-bitan'ny CUA

Mitohy ny fidianana eny ifotony, ataon' ny kandidà Ben'ny tanàna eto Antananarivo renivohitra, natolotry ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), Rina Randriamasinoro, kandidà laharana faha-2 ao amin'ny biletà tokana, ho fampahafantarana ny maha kandidà azy sy ny fifampitafana mivantana amin'ny mponina ho famantarany ny olana iainan'izy ireo. Fitetezana ny isam-baravarana na porte à porte teny amin'ny faritra Ankadindramamy, Ampamantanana, Andraisoro Boriboritany faha-5 indray no nanaovany izany fitsidihina ny mponina izany. Ankoatra izay, natomboka ny alahady teo ny lalao Rugby eny amin'ny Kianja Alarobia, hetsika ara-panatanjahantena namaliana ny hetahetan'ireo tanora mpitia baolina lavalava eny anivon'ny fokontany. Nanambara i Rina fa maro ny asa vitan'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana ho an'ny eto amin'ny tanànan' Antananarivo renivohitra, fa mbola betsaka ihany koa hoy izy ireo asa miandry, betsaka ny zavatra mbola mampitaraina ny mponina. Raha ho an'ny eny amin'ny faritra Ankadindramamy, Ampanotokana, Andraisoro, Tsarahonenana eo anivon'ny boriboritany faha-5 iny dia ny lalana sy lalankely anelakelantrano, ny tsy fahampian'ireo foto-drafitrasa ara-tsosialy samy hafa toy ny toeram-panasan-damba no itarainan'ny mponina. Fa momba ny tournoi Rugby ho an'ny mpiangaly baolina lavalava rehetra eto an-drenivohitra, hetsika anomezana sehatra ho an'ireo tanora mpilalao baolina lavalava eny anivon'ny fokontany izy. Somary adino ihany ny mpilalao Rugby zandriny, ankoatra ireo Elite hatramini'zay araka ny fitarainan'ireo tanora, ka mety hahatonga ny sasany amin'izy ireo hivarina any amin'ny zavatra hafa, nefa dia avy amin'reo mpilalao eny anivon'ny fokontany ihany no hiavian'ireo kintan'ny baolina lavalava hitondra avo ny voninahitr'i Madagasikara. Ho famaliana ny hetahetan'ireo tanora ireo indrindra no nanokafana izao tournoi izao, ka ekipa manodidina ny 80 isa avy amin'ny boriboritany miisa 6 eto an-drenivohitra no hahazo tombony amin'izany araka ny namabaran'ny kandidà Rina.



*Ny kandidà Rina, niatrika ny fanokafana ny tournoi Rugby teny amin'ny kianjan'Alarobia.*

**Naina**

Raharaha Ambotrimanjaka, Fanirisoa Ernaivo

## Azo toriana eny amin'ny Conseil d'Etat sy ny CPI ny fitondrana

Mitondra ny heviny momba ny raharaha Ambohitrimanjaka i Fanirisoa Ernaivo amin'ny maha-mpahay lalàna azy : tsy hoe rehefa expropriation na fanalana olona amin'ny tany hoy izy dia azo ekena avokoa, na tiana, na tsy tiana, na mety, na tsy mety, fa misy lalàna mandamina azy io. Alohan'ny hanaovana expropriation dia misy études d'impact environnemental na fanadihadiana momba ny fiantraikan'ny tetikasa amin' ny tontolo iainana atao, misy ny Procédure na fepetra tsy maintsy arahina: manao ny antsoina hoe enquête de commodo et in commodo ny Fanjakana. Ny dikan'io dia henoina ny hevitry ny tompon-tany sy ny manodidina mikasika ilay tetikasa, ny tomban'ny vidiny sy ny tombontsoa, ifampierana ny onitra sy ny toerana amindrana. Izay vao mamoaka didim-panjakana, na décret portant expropriation pour cause d'utilité publique ny fanjakana, ny fifampiresahana amin'ny avantages sy inconvenients amin'ny mponina ary misy ny fifampidinihina momba ny hametrahana ireo olona voatery hoesorina. Tsy vitan'ny hoe nanao velirano (acte unilateral) dia ny olona rehetra no voafatotra amin' ilay velirano, ka afaka dinganina ireo voalazan'ny lalàna rehetra mikasika ny fanatanterahana izany expropriation izany. Raha tsy tanteraka ireo rehetra voalaza ireo , dia « expropriation illégale, abusive, crime contre l'humanité » no anarany. Afaka toriana eny amin'ny Conseil d'Etat sy any amin Cour Pénale Internationale CPI. Tsy ny Projet Tanamasoandro no ratsy hoy Fanirisoa Ernaivo, fa ny toerana nisafidiana ametrahana azy no olana. Tsy misy mandà hoe feno Antananarivo renivohitra fa tsy azo eritreretina kosa ny hanotofana tanimbary mahavokatra be amina hekitara nefa ny tanimbary aza mbola mila ampitomboina. Anisan'ny velirano ihany koa ny fampitomboana ny tany hambolena hoy ity mpahay lalàna ity fa nahoana no tsy hajaina koa? Dia aza mikiry amin'ny fanapahan-kevitra diso re fa tsinjovy ihany ny mety ho voka-dratsiny hoy Faniry. Izao efa misy maratra sy maty ka sao hanenenana hoy izy.



*Ny mpahay lalàna Fanirisoa Ernaivo.*

**Helisoa**

Raharaha Ambohitrimanjaka

## Mitady vahaolana koa ireo senateran'i Madagasikara

Mitady vahaolana momba ny raharaha Ambohitrimanjaka koa ankehitriny ireo senateran'i Madagasikara. Nanatanteraka fidinana ifotony teny Ambotrimanjaka, omaly alatsinainy ireo Loholon'i Madagasikara avy amin'ny Faritan'Antananarivo, ka Andriamatoa Randriamanantsoa Jafetra, Loholona avy amin'iny Faritra iny no anisan'ny nitarika izany. Amin'ny maha mpiahy ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana ny Antenimierandoholona, dia nandray andraikitra ireto Loholona ireto , nandeha nidina ifotony teny antoerana , hijery sy hamantatra izay tena zava-misy marina. Fidinana ifotony nifampiresahana sy nihainoana ny feon'ny vahoakan'Ambohitrimanjaka. Andriamatoa Eric solontenan' ny vahoaka eny antoerana nandritra ny fandraisam-pitenenany dia nilaza fa tsy manda io tetik' asa Tanamasoandro io ny mponin'Ambotrimanjaka , fa mba mangataka ny hijeren'ny fitondram-panjakana toerana hafa hanatanterana izany fotodrafitr'asa izany. Namafisiny ihany koa fa Ambohitrimanjaka dia isan'ny mpamatsy vary ny tanànan'Antananarivo, ka noho izany dia mangataka izy ireo ny mba tsy hanatotofana ny tanimbary. Manoloana izany, ny Loholona Rakotozafy Jean Martin dia nanambara fa ny fifampiresahana ihany no tena zava-dehibe, ahafahana mamaha olana. Nampanantena ny hitondra ny hetahetan'ny vahoakan'Ambotrimanjaka eny amin'ny tompon'andraikitra voasahana amin' izany tetikasa izany ary koa nampanantena ny hampihaona ireto vahoaka ireto amin'ny Governemanta. Ny Loholona Randriamanantsoa Jafetra dia miantso ny fandraisan'andraikitra ny fitondram-panjakana, mba tsy hitaran'ity raharaha ity ho zavatra hafa. Niatrika izany ihany koa ny senateran'i Madagasikara avy amin'ny antoko TIM, Olga Ramalason.



*Ny fihaonan'ireo senateran'i Madagasikara tamin'ireo solontenan'ny mponina Ambohitrimanjaka.*

**Helisoa**

*Ny Valosoa sy fakafaka*

### Fiainam-pirenena

## Ry mpitandro filaminana, tsinjovy ny vahoaka sy ny tanindrazana

Mazava tsy azo iadian-kevitra ny teny filamatr'ireo mpitandro filaminana, "Ho an'ny tanindrazana", ny an'ny miaramila, " Tanindrazana sy lalàna " ny an'ny zandary, " Tanindrazana sy filaminana"ny an'ny polisy, ny teny hoe "Tanindrazana " dia ao foana, raha faritana ara-bakiteny ny tanindrazana dia tany navelan'ireo razana ho antsika taranaka mpandimby, midika izany fa isika vahoaka no tompon'ny harena eto amin'ny tanindrazantsika , tokony hijoro raha misy ny fanararaotampahefana ataon'ireo mpisetrasetra.

Ny miaramila sy ny zandary ary ny polisy, raha vao mahavita ny fiofanana mialoha ny andraisany ny andraikiny dia tsofina rano eo ambanin'ny fanevampirenena, ilay saina telo soratra fotsy mena maitso no tiana ambara. Manandanja io fitsofandrano io satria, ampitaina eo ny maha zavadehibe ny hasin'ny tanindrazana sy ny lanjan'ireo vahoaka tompon-tanindazana, arak'ilay teny filamatra manao hoe : " Miaro ny vahoaka sy ny fananany" sy ny hoe "Tandroka aron'ny vozona".

Tsikaritra anefa nanomboka tamin'ny taona 2009 ka hatramin'izao, fa mivaona amin'ny teny filamatra matetika ireo mpanao fanamiana mitam-piadiana ireo indraindray, satria toa variana miaro ireo mpitondra, ka zary manadino ny vahoaka tompon-tanindrazana, tompon'ny fahefana. Ny tena manahirana aza dia misy ny fampiasankery amin'ireo vahoaka tsy mitondra hafa-tsy tanampolo, tsy ireo miaramila na zandary na polisy mirotsaka an-tsehatra no tiana entanina f'ireo mpibaiko , satria mazava anie fa mpanantanteraka baiko ihany anie ireny mpitandro filaminana madinika ireny e!

Ankehitriny maro ireo vahoaka sahy mijoro, manoloana ny kiribiby ataon'ny fitondrana hanototra ny tanimbahoaka, koa irariana fatratra ny miaramila sy ny zandary ary ny polisy ho sahy hijoro hiaro ireo vahoaka tompon-tanindrazana , tsy ny fiarovana vahoaka ihany no andrandraina fa ny fiarovana ihany koa ireo mpanao gazety manao ny asany, satria zava-doza ny niseho farany teo dia ny fakana ny fitaovan'ny mpampahalala vaovao. Tsarovy fa ny mpitondra mandalo fa ny mpitandro ny filaminana sy ny vahoaka eo foana.

**Ny Valosoa**

Kiranomena Fenoarivobe

## Tanora hitondra fanavaozana i Setra Rabeson N°01

Kandidà tsy miankina any amin'ny Kaominina Kiranomena distrikan'i Fenoarivobe, faritra Bongolava i Setra Rabeson, nomerao 1 izy ao amin'ny biletà tokana. I Setra Rabeson dia zanak'i Kiranomena, tanora saahy mijoro, tanora misokatra ho an'ny rehetra, tanora hitondra fanavaozana ihany koa ho an'izany tanàna izany. Vinan'asany ny fampandrosoana ny tanàna, ny ady amin'ny tsy fandriampahalemana, anisan'ny faritra mena eto amintsika koa mantsy ity kaominina Kiranomena ity. Laharam-pahamehana ho azy koa ny fahasalamana sy lafiny fanabeazana. Maro tanora any an-toerana, tsy ho latsa-danja ny fanampiana ny tanora amin'ny fidirany amin'ny tsenan'ny asa amin'ny kaominina ambanivohitra toy ny kaominina Kiranomena. Anisan'ny faritra mbola saro-dalana ity kaominina ity, vinany ihany koa ny fijerena ny fanamboarana ny lalana mihazo izany kaominina izany, ankoatra ny fananganana foto-drafitrasa eo amin'ny sehatra samy hafa.



*Setra Rabeson, kandidà tsy miankina any amin'ny kaominina Kiranomena Fenoarivobe.*

**Isambilo**

Ny Valosoa sy hadihady

# Ketrehina ho lalaovina ny nanabeazana ny vahoaka Malagasy hatramin'izay

Aoka izay ny fanaovana ny vahoaka Malagasy ho zaza azo ampiresahana habobo, tsy mifanaraka amin'ny lojikan'ny soatoavina sy ny paipaik'ady « maloto » efa tsy tokony hatao intsony amin'izao vanim-potoana izao. Tsy tokony hararaotina ao anatin'izao fahantrana lalina iainany izao ny vahoaka, ka ilazana izao fampanofinofisina samihafa rehetra izao. Lesoka lehibe sy fositry ny tsy fandrosoana eto amin'ny firenena nandritry ny taona maro ny « fampahazazana » ny Malagasy, mba tsy ho tomponandraikitra fa hiantehitra hatrany amin'ny hafa eo amin'ny fiainany. Ny rafi-pampianarana nomena azy manomboka hatrany amin'ny vanim-potoanan'ny fanjanahantany sy miditra tao anaty fahaleovantena mandraka ankehitriny no nitaiza azy ho amin'izany. Ho an'ny mpahay fiarahamonina sy ny mpandinika dia mahalala tsara izay lentam-pomba fisainana eo amin'ny vahoaka izay. Manampy trotraka an'io toe-java-misy io ny fitontonganan'ny lentan'ny fampianarana ary nanaraka izay koa ny lentam-pahaizan'ny mpianatra. Taranaka maro nifandimby tao anatin'izany no niaina io fomba fitaizana "manazaza" io. Eo ihany koa ny mbola fahambanian'ny taha amin'ny tsy fahaiza-mamaky teny sy manoratra manerana ny Nosy. Etsy andanin'izay koa anefa mbola eo ilay toetra tsara maha Malagasy sisa tavela mbola manaja fiaraha-monina. Vao mainka niharo fahantrana lalina iainany ireo, ka mamaritra fomba fisainana iray eo anivom-piarahamonina eto amin'ny firenena. Toetra ratsy sy politika maloto ny fanararaotana io haavo lentan'ny fomba fisainam-bahoaka io. Ny fitondrana manararaotra izany dia tena fositra amin'ny sakana amin'ny tsy hivoaran'ny vahoaka sy hahatsara ny fari-piainany. Fanambaniana ny vahoaka ny fametrahana azy hatrany ho amin'io toerana iainany sy misy azy io ary eo no ilalaovana politika handresen-dahatra ny hafa na ny rehetra amin'izay tanjona tiana hahatongavana. Miroso mankany amin'ny tsy fahombiazana ny fitondrana izay mihevitra mandrakariva fa azo lalaovina amin'izay itiavana azy ny vahoaka satria heverina ho tsy hahataka-javatra. Io fomba ratsy io ihany koa anefa no hitondra ny firenena hijaikojaiko fandeha, ka tsy haharaka ny fihazakazaky ny hafainganam-pandehan'izao tontolo izao. Mihevitra ny fitondrana ankehitriny fa hahatonga ity firenena ity ho modely afaka fotoana fohy. Ho zary nofy ihany anefa no sady handiso fanantenana ny vahoaka lalina raha io fomba fisainana ratsy faka io no entina hatrany. Raha te handroso marina sy hitondra ity firenena ity hisandratra dia tena mila manodina ny politika farafahakeliny 90 degre, ka ariana avokoa ny fisainana maloto manao izay tsy iraisana rehetra. Ary ambonin' izany mila ilofosana andro aman'alina ary ao anaty fotoana fohy izay hanabeazana ny vahoaka hiala amin'ilay "nampahazazana" azy, ka ho tonga marina hahatsiaro ho tomponandraikitra. Laharam-pahamehan'ity fitondrana Rajoelina ity ve anefa izany? Ny tsirairay afaka mamaly izany…

**Sôh'son**

VONJEO AMBOHITRIMANJAKA 974

## Atsaharo ny fanotofana tany sy ny fampiasana herisetra amin'ny vahoaka




*Ny sasany amin'ireo Malagasy monina atsy amin'ny Nosy La Réunion, manohana ny mponin'Ambohitrimanjaka.*

« Atsaharo tsy misy hatak'andro ny fanotofana tany ao Ambohitrimanjaka ! Atsaharo ny asa fanombohana sy ny fananganana ny Tanamasoandro eo Ambohitrimajaka ! Atsaharo ny fandatsahandrà ny vahoaka sy ny fampiharana herisetra ! Aza esorina amin'ny Tanindrazany ny mponina ao Ambohitrimanjaka. Aza atao sesitany ny mpiray Tanindrazana satria tsy nisy heloka vitany. Midadasika i Madagasikara, ka maro ny toeran-kafa tsy misy mponina, azo hanorenana Tanamasoandro ». Ireo no hafatra nampitain'ny mpiray Tanindrazana Malagasy monina any amin'ny Nosy La Réunion, nandritra ny fihaonana fanohanana ny tolon'ny vahoakan'Ambohitrimanjaka, notontosaina ny alahady teo. Maneho firaisam-po sy firaisantsaina ho an'ny mponin' Ambohitrimanjaka ireto olon-tsotra sy solontenam-pikambanana maro any La Réunion ireto sady nanao fanehoan-kevitra manaraka izao :

- heloka bevava sy fanitsakitsahana ny maha-olombelona ny fakana tany an-keriny ka tsy azo ekena (l'accaparement de terres est reconnu comme Crime contre l'Humanité et Violation des Droits de l'Homme depuis 2009).

-Izahay eto La Réunion hoy ny fanambarana dia manohana tsy misy fepetra sy amin'ny endriny rehetra ny fitoriana ny raharaha Ambohitrimanjaka any amin'ny sehatry ny fitsarana iraisam-pirenena amin'ny maha-heloka be vava sy fanitsahana maha-olombelona azy.

- ny fanotofana tanimbary 1000 ha dia mampihena ny voka-bary eto an-toerana, nefa i Madagasikara mbola tsy mahavita tena ara-tsakafo.

Tsy azo ekena noho izany, ny fanimbana ny fotopiveloman'ny mponina ao Ambohitrimanjaka : voly vary, fanamboarana biriky, fiompiana trondro...

Ny fahaverezan'ny asa fivelomana dia hampitombo ny fahantran'ny mponina ao Ambohitrimanjaka noho ny tetik' asa.

- vakoka mila arovana ny tanimbarin'Ambohitrimanjaka sy ny lemak'i Betsmitatatra iray manontolo, hoy izy ireo.

Tokony heverina ny fanoratana azy ho anisan'ny Vakomanitra iraisam-pirenena eo anivon'ny UNESCO (Patrimoine immatériel de l'Humanité).

Tokony harovana amin'ny fomba rehetra satria mitahiry harena ara-kolontsaina manan-danja sy manan-tantara.

- Fanimbana ny tontolo iainana ny fanotofana tanimbary eny Ambohitrimanjaka.

Ny mety ho vokatr'izany : Tondra-drano manerana ny lemak'Antananarivo, indrindra ny eny "ambany tanàna".

Fahasimban'ny zavaboahary miaina amin'io toerana midadasika io.

Hivarina any an-tanimbary ny ranomaloto avy ao amin'ny Tanamasoandro.

**Stefa**

Rina Randriamasinoro

## Miara-miory amin'ny fianakavian'i Fafah sy ny tarika Mahaleo



Naneho ny alahelony tamin'ny fodiamandrin'i Fafah, na Rajaonarison Andriamihaingo Famantanantsoa ao amin'ny tarika Mahaleo ny kandida ben'ny tanànan'Antananarivo, Rina Randriamasinoro N°02. Very olomanga isika ary lavo ny andrarezina, misaona ny tontolon'ny kanto Malagasy hoy izy, fa lasa Fafah. Na izany aza anefa dia lasa namela mamy i Fafah, satria mipetraka ho fantatry ny taranaka faramandimby ny zavatra napetrany sy ny feo mangany . Etoana, ny viako ary ireo mpiaramiasa amiko dia mirary fiononana feno ho an'ny fianakaviany, ny tarika Mahaleo izay nisy azy hatramin'izay , ary ho antsika mpankafy rehetra. Mandria am-piadanana Fafah !

**Helisoa**

Vovonan'ny Sakalava Miray eto Madagasikara (VSMM)

## Nanao fihaonambe teto an-drenivohitra ho fiatrehana ny fampandrosoana ny faritra

Fanamafisana ny Fihavanana sy ny fampihavanana eo amin'ny foko Sakalava; ho antoky ny fampandrosoana ny faritra niaviany no tanjon'ny VSMM. Nisy ny fihaonambe nontanterahin'ity Vovonan'i Sakalava Miray eto Madagasikara ity ny sabotsy lasa teo teto Antananarivo. Vovonan'ny Sakalava Miray eto Madagasikara miatrika ny fampandrosoana ny faritra niaviany manomboka izao no filamatry ny fikambanana VSMM, tarihin'ny Filoha Nasionaly Felice Adolphe, notronin'ny Filoha lefitry ny Antenimierandoholona Kolo Roger sy ny Solombavambahoaka voafidy tao Ambatoboeny Fernand Jeannot izay filoham-boninahitra avokoa. Miainga avy amin'ny fihavanana ao anatin'ny firaisankina tanteraka izay kolontsaina sy soatoavina isan'ny mampiavaka antsika Malagasy, indrindra ny foko sakalava no ahafahana miray hina ka hizotra ho any amin'ny fampandrosoana, anisan'ny nivoitra tamin'ny fihaonambe. Isan'ny manana ny fomba amam-panao manokana izay mampiavaka azy eto Madagasikara ny foko Sakalava toy ny Fitampoa ny Tsangatsaina ary ny Fanompoambe, izay mampiray ny foko Sakalava rehetra manerana ny nosy. Ilaina ny fameloma-maso izany kolotsaina izany ho fantatry ny taranaka rehetra faramandimby . Eo koa ireo fitrandrahana ny vakoka sy harena sarobidy mampalaza ny faritra Sakalava iny toy ny valanjava-boahary sy ireo toerana fizahan-tany mampalaza toy ny Tsingin'ny Bemaraha … hoy ny filohan'ny fikambanana Félice Adolphe. Hifanome tanana ireo mpikambana Sakalava ao anatin' ity VSMM ity manomboka izao, izay mankalaza ny tsingerin-taona voalohany nijoroan'ny fikambanana ihany koa, mba ho amin'ny ho an'ny tombotsoan'ny faritra niaviany.

**Isambilo**



*Andriamatoa Félice Adolphe, filohan'ny VSMM.*

TONONKALO

## Maizina antoandro... noho ny Tanamasoandro...

Niposaka, hono, ny tanamasoandro
Dia ilay tetikasan`ireo mpanambàka.
Toa fambara loza fa maizina antoandro
Ny teny an-tanànan'Ambohitrimanjaka !

Kasaina hototofana ireo tanimbary,
Ireo lemaka maro sy ny heniheny,
Ka indro ny fo fa mandraiky marary,
Mandinika ny hafatr`Ikaky sy Neny !

`Zay hoe firesahana, fifampierana
Dia tena tsy nisy ary koa tsy natao,
Fa nandidy dia homana ny fitondrana
Ka tonga amin`izao fifandirana izao !

Andaniny, mihetsika ireo tompon-tany,
Manohitra ity tetikasan-jiolahy.
Ankilany kosa, bontolo eny ihany
No mba vahaolan-dry "maty fanahy" !

Dia asa, tsy fantatra izay hiafaràny
Fa mananontanona indray ny "krizy".
Mba misy olon-kendry va re any ho any ?
Avelao ny herisetra ary koa ny ambozizy !

**DADAN`i ZINA (20-10-19)**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny fidinana ifotony nataon'ny kandidà Rina, N°2, teny amin'ny Boriborintany faha-5.









FANADINANA BAKALOREA

## Tsy fantatry ny mpianatra ny lesoka tokony harenina

Nivoaka iny ny vokapanadinana bakalorea ary samy manana ny fahitany azy, fa tsy misy afaka handà kosa ny amin'ny sary ratsy mitatao mandrakariva amin'ireo afa-panadinana. Ho afaka amin' izany ve ireo mbola mamerina manokana amin' izao fihodinana faharoa hanomboka rahampitso alarobia izao? Adi-hevitra lehibe iray mipetraka iny, fa ny horesahana eto dia ny momba ireo tsy afaka izay asa izay hamaritana azy na "ratsy vintana" na tsia. Tsy misy afaka hitsara azy ireo tanteraka amin'izany noho ny zavanitranga tamin'ireny resaka lazadina nivoaka an-tsokosoko ireny. Tsy afa-panadinana izy ireo ary misy ny naoty tamin'ny taranja tsy nahafahany izay ratsy tsy nahazoany salanisa mihoatra ny 10 tao anatin'izany. Tsy misy afa-tsy telo andro raha be ny anomanana saina hiatrika indray ny fihodinana faharoa. Mafy be izany fa tsy azo tamoraina velively noho ny tranga sy ny tontolo manodidina azy ireo. Mila saina manokana ihany koa omanina enti-miatrika izany. Tsy lavina mety misy ihany mpiadina vitsivitsy mety nahafantatra ny amin'ny taranja nahalatsaka azy, fa misy kosa ny ankamaroany no tsy mahalala izany velively. Efa fahita izany ary tsy iadian-kevitra intsony. Midika tsotra izao izany fa manana olana ireo mpiadina hiatrika ity fihodinana faharoa ity, satria tsy fantany ny naotiny. Tsy fantany ny lesoka tokony hareniny kanefa tena ilaina izany amin'ny fiatrehana fanadinana toy izao. Miendrika mitsambiki-mikimpy ihany izany izy ireo ao anatin'izao fanadinana famerenana manokana izao. Raha samy hitsambikina ihany anefa, dia hoy ny toro-hevitry ny mpanabe mahatsiaro ho tomponandraikitra hoe: aleo manao vikin'alina, aleo mihoatra toy izay tsy ampy. Eo amin'ny ezaka ataon'izy ireo no tiana ambara amin'izany famporisihana izany.

*Radafy*

# Sakafo Ny Valosoa



Trafon- kena sy ravim-boatavo indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Azo atao rony izany, azo atao ketsaketsa koa. Dia mihinàna finaritra tompoko.

# NY VALOSOA sy Mahasoa

## Fikojakojana ny tarehy



Fikojakojana ny tarehy indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Massage facial sy masque concombre sy citron: misoroka ny tarehy miroraka avy amin'ny fahaverezana lanja, sady manamando no manidy mason-koditra.

Ireto no tetika azo ampiharana azy:

1-citron notetehina dia apetaka eo amin'ny tarehy. mandritra ny 15min,avy eo horina moramora miakatra ny tarehy +pendipendesina amin'ny rantsan-tanana, raha somary maina ny hodi- tava dia ampio huile de coco na huile d'olive pure hanorana azy. Vita izay dia kobanina amin'ny rano matimaty.

2-manamboatra(fait maison) masque citron +concombre :

Citron 1 novoasana+concombre anankiray novoasana no mixer-na na totoina dia iny no atao masque, sady somary manotra ilay tarehy no mametaka ilay masque, avela 30min fa mialohan'izay kosa no anakobanana azy dia: mihevoka 5min anaty rano mamay be misy entona, mifono serviettes dia kobanina amin'io rano io rehefa matimaty ilay rano dia atao massage amin' ny huile de coco na olive indray ilay tarehy.

# NY VALOSOA sy Mahaliana

## Ny tanànan'i Sakaramy any amin'ny distrikan'Antsiranana II, faritra Diana


Ny tanànan'i Sakaramy, any amin'ny distrikan'Antsiranana II, faritra Diana indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Talohan'ny taona 2004, anisan'ny fokontany nandrafitra ny Kaominina Joffre Ville i Sakaramy. Tanàna nahitana tobin'ny zandarimaria hatry ny ela. Maro ny olona tonga mila ravinahitra any, ka nanorim-ponenana tao amin'ity Fokontany ity. Tsikaritry ny mpitondra fanjakana ny habetsahan'olona tao amin'ny Kaominina Joffreville dia nozaraina 2 ny Kaominina, ka i Sakaramy no faharoa. Ny anarana Sakaramy dia avy amin'ny teny hoe "SAHAÀ : renirano ary ny RAMYÀ" kosa dia olona mipetraka anaty ala. Ahitana Fokontany 3 ity kaominina ity : Sahasifotra, Ankazomibaboka ary Sakaramy. Mpamboly sy mpiompy ny mponina.



# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 160), Madagasikara 20 Oktobra 2019

***I Korintiana 2: 7-8* "Fa milaza ny fahendren' i JEHOVAH izahay ka maneho zava-niafina, dia fahendrena izay nafenina sady voatendrin' i JEHOVAH ho voninahitsika talohan'ny nanaovana izao tontolo izao; ary tsy nisy nahalala izany ny mpanapaka izao tontolo izao; fa raha nahalala izy, dia tsy nohomboany tamin'ny hazo fijaliana ny Tompon'ny voninahitra.**"

Ry olombelona o! Izay monina amin' ny tany nohariako JEHOVAH izay tsy mahalala akory izay Fiandohana sy Fiafarana; ho an' izay manokana ny tenany, manantena ny hita maso: apetraho izany, atsaharo izany, ajanony izany. Manainga anareo ny Heriko ry zanak' olombelona, miteny aminareo ny vavako ny mponin' ny tany tsy an-kanavaka efa fantatrao ve ny zava-miafina, efa nosaininao va izay tsy hitan' ny maso? Efa noheverinareo va izay ren' ny sofinareo? efa nodinihanareo ve ny fampanantenana ny amin' ny ho avy? Mba henoy ihany, mba raiso ihany, mba ekeo ihany, fa izay mety ho fiafarany izay voalazan' ny ***Matio 24: 6, 8**, tsy mbola fifaran' izao tontolo izao fa mbola fiandohana ihany*, efa manomboka izany. Ny fahotan' izay monina ambany masoandro no niteraka ny fahatezeran' ny natiora ka tsy misy afaka mahatony ireny afa-tsy ny vavako miteny, ny masoko mijery, ny tanako manondro avy aty ambony. Iza ary izany? JEHOVAH no Anarako, heverinareo ho Iza moa AHO ary ampitovinareo amin' iza? ***Isaia 46: 5***. Tsy tianareo AHO, ovanareo ny Anarako. Aza itenenana ratsy AHO ry zanak' olombelona o! **Efa niteny taminao va AHO, niteny mivantana, niseho taminao fa tsy izany no Anarako?** JESOSY KRISTY no Zanako, ***Jaona 3: 16**, Fa toy izao no nitiavako JEHOVAH izao tontolo izao: nomeko ny zanako Lahitokana mba tsy ho very izay rehetra mino Azy fa hanana fiainana mandrakizay*. Izany hoe raiso IZY, Tompoy IZY, avelao IZY hanjaka eo amin' ny fiainananareo fa izay no asany. Efa miomana ny amin' ny fitsarany va hianao sy ny fiaviany, ny famonjeny ary ny fitiavany.




Aza ovana, aza soloina, aza toherina. Arakaraky ny fisehoan-javatra, fitranganjavatra isam-pirenena dia tanteraka ny loza. Ny loza ve? Ny fahaverezan-kevitra ve? ***Avy AMIKO JEHOVAH irery ny vahaolana***. Fa amin' izao vaninandro sy vanim-potoana iainanareo izao dia ampiana hoe JESOSY KRISTY no Mpamonjy, Mpanafaka, Mpanasitrana, Mpamelona. Ho aiza amin' ny programako ianareo ry olombelona o? Jereo io tontolo misy anareo io fa noho ny fahotana dia miova ny zava-drehetra. Izao no atao hoe andro mahaory. Raha ho ANAY avy aty an-danitra dia fotoam-pinjinjana fa raha ho anareo ao amin' ny tany kosa dia fotoanan' ny Finoana, Fanantenana ary Fitiavana. Ho anao manokana, aoka hitandrina tsara amin' izao fiainana izao fa betsaka sy maro no sandoka, fampianaran-diso. Izao no fotoana sy vanim-potoana anatanterahako ny Teniko, ***Amosa 3: 7**. Tsy manao na inona na inona tokoa AHO JEHOVAH raha tsy milaza ny hevitro amin' ny mpaminany mpanompoko.* Na ho aiza ianareo na ho aiza na hanao inona na hanao inona. Ao amin' ny mpaminany irery ihany sisa no ahafantaranareo ny programako satria ny mpaminany dia nampitondraina ny teny mahasahana izao tontolo izao mba hahafantaranareo izay mety ho fiafarana, izay tokony hatao, izay tokony ho fantatra, izay tokony ho raisinareo sy hekena, hanapaka ny fiainanareo sy hanjaka eo amin' ny fiainanareo. Tsy an' izay an' ny tany intsony izao fa izay an' ny Lanitra. Izao no taona ahalalana ny Fahamarinako fa tonga eo aminareo ny FANJAKAKO izay tsy misehoseho fa ao anatinareo, ***Matio 13: 44***. Mampatahotra an' i losifera izany satria ny azy dia mideradera sy misehoseho no fombany. Ry mponina ambany masoandro o! Mbola ny fombanareo ihany ve? Ry fiangonana ambonin' ny tany o, efa manomana va hianareo ny fampianarana tsy misy kilema dia ny fiavian' ny Mpanjaka eo amin' ny olona? ***I Timoty 6: 3-5***. Mba tsy hiteraka fahadisoam-panatenana, fahadisoan-kevitra izay ho avy eo aminareo, aoka haharihary ny marina, aoka izay ny fifandirana sy fifanoherana, aoka ho tokana ny FANJAKANA izay nialohavan' i JESOSY KRISTY tena teo aminareo, ***Daniela 2: 44***. Fa tsy maintsy ny sitrapoko no atao araka izay voasoratra ao amin' ny Baiboly, ***Matio 6: 10***. Fa mahatahotra ny androko JEHOVAH ary tsy misy mahajanona eo anoloako amin' izany andro izany, ***Malakia 3: 2***. Fitsarana ve? Iza ianao? Inona no nataonao? Inona no nambaranao? Taiza no nodiavin' ny tongotrao? Inona no nojeren' ny masonao? Nandray inona ny tananao? Nametraka inona tao am-ponao? Iza no nanjaka teo amin' ny fiainananao sy nanapaka ny tokantranonao? Natolotrao an' iza ny ankohonanao? Taiza ianao fony AHO nandefa fampianarana? Fitsarana ve? Mampatahotra izany. Mpitondra, mpitanantana, mpitaiza, mpitory, mpampianatra, tompon' andraikitra sns... diniho sy hevero izany lazaiko JEHOVAH izany. ***Apokalypsy 15: 4***. Antomotra ny andro hoy Joela. Efa fantatrao ve ny zava-miafina? Izany no anontanio AHY, ***Efesiana 3: 9***. Zava-miafina ny fiainanareo zanak' olombelona. Tsara anefa raha fantarinao ao amin' i JESOSY. Hafatro JEHOVAH ho an' izay monina ambonin' ny tany rehetra, fandinihan-tena ndrao dia misy variana ka tsy mahalala. Manao veloma anareo AHO, diniho tsara izay lazaiko dia aoka ianao hihaona AMIKO dia hatolotro an' i JESOSY.

Amen!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## NY TENY FIAINANA

***Isaia 61:6***

*Fa ianareo kosa no hatao hoe mpisoron'i Jehovah, mpanao fanompoampivavahana ho an'Andriamanitsika no hilazana anareo ho lasanareo* ny haren'ny firenena, ary handimby voninahitra azy ianareo.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Hafindra amin'ny toeran-kafa ihany no vahaolana amin'ny tetikasa Tana-Masoandro

**JR Ifaliana :** SAINO SY DINIHO: raha tena ho an'ny Malagasy ilay Tanamasoandro,raha tena hitondra fampandrosoana, manaiky aho! Fotoana koa izao tokony handrosoana, satria azo lazaina fa tena tara isika raha mitaha amin'ireo firenena indray nihira tamintsika arapahaleovantena. Raha tena hamaha olana ilay Tanàna vaovao dia ataovy fa tsisy olana fa raha homena ny vahiny kosa,ny mpanambola dia hitsangana izahay hiaro ny tanindrazana.

**Nirina Eric Miltiad Eric :** ilay Tanamasoandro aloha dia tsy hitondra fandrosoana , fa fanatsarana ny tanàna, fanapotehana ny fiainan'ny mponina aza no hataony no tena marina.

**Abdoul Aziz :** tiko kosa ity zavatra ity, faneho-kevitra personnel fa tsy le manao kopikole le mpanoratra. ary tokony anontaniana ny "vola taiza, inona ny takalony vola, iza no mahazo tombony" ra voavaly io de alefaso le fanotofana. JR Ifalina misaotra kosa zà fa mety le hevitrao.

**Zahfy Haro :** ny metissage dia tsy ho hisy fa ry zareo no ho avy bobobaka satria tsy hisy sinoa sy karana hanambady gasy izany velively ny ory tsy havan'ny manana.

**Rabenjarimanana Tolotra :** betsaka gasy manambady sinoa, miasa @ toeram-pisakafoanana aho mahita izany marobe. Na izany aloha, tsy azo ekena ilay tetikasa Tanamasoandro satria tetikasa mambotry vahoaka.

**William Randriamahaleo :** ny marihako dia frantsay daholo ireo karana ireo... mbola voazanaky ny Frantsay isika ary saribakolin'ny Frantsay ny mpitondra eto izay tarihan'i Andry Rajoelina.

**Si Rakotomanana :** mba hazavao amiko hoe ny atao hoe "nouvelle ville", aminareo miseho manaratsy anay tompon-tanindrazana?...ny fantatro dia tototofana ny tanimbary, arodana ireo tranon-drazana, ireo fasan-drazana. Dia inona sisa tavela? Fahiny hono...teny @ Tana Masoandro, tsy ho ekenay tompon-tanàna sy tompon-tanindrazana mihitsy izany famotehana sy fanotofana ny tanindrazanay izany.

Basile Rabefiaro : 5000ar/m2? Dia hafindra any Bevoay. Ny tetikasa mety ho tsara ihany fa ny fijerena ny zon' olombelona @ ireo zay nanajary ny tany ahoana? 5000ar/m2 ve nefa raha jerena ny vokabary in-droa isan-taona, ny trondro, ny biriky toa lasa ambaninjavatra. Amiko, havelao ny olona anao ny fivelomany dia hafindrao any an-toeran-kafa ny tetikasa Tanamasoandronareo ry Andry Rajoelina sy ny forongony.

**W'ylly ND'riana :** dia inona atao ary ? Izy ity manko efa miankina aman'aina !! Afaka miombona ny mahay tantara sy mahay fomba Malagasy sy mpitsabo Malagasy tsy maninona . Ireo no afaka mampahalala fa tsy fomba ny razana taloha io ataon'ny fitondrana izao io . Ary ny Malagasy dia mora rebirebena mintsy. Ka sao dia fotoanany izao sa ahoana ??

**Rajo Elison :** le fitondrana @ zao sy le mpifidy azy miints no tena "BADO", vary mora ve atakalo Tanimbary, de mino ve ireo mpisolelaka fa rehef vita io projet io d misy ho anao gasy kely ty ao.

**Tiana Florent Rakotoson :** hafindra any amin'ny toeran-kafa ihany no maha-mety io tetikasan-dRajoelina io, mbola midadasika I Madagasikara, ka hafindrao amin'ny toeran-kafa. Ny an'i Père Pedro eny an-tampon-kavoana mety tsara, azo atao ny mitady toerana toy iny eny Ambohimahitsy iny.

**Roberto Razafinarivo :** mbola mahay vava ihany Rajoelina tany Antsirabe fa hoe fahavalom-pirenena izay misakana ny fampandrosoana. Fandroahana ny vahoaka tompom-pahefana amin'ny tany ve ho fampandrosoana?

**Claude Michel :** halefaso aminay amin'ny Région aty Tana-Masoandro rehefa tsy tianareo Ambohitrimanjaka any, amin'izay koa misy équilibre regional.

**Justin Ravoajanahary :** eny Soamandrakizay malalaka be, maninona tsy hafindran'ny fitondrana eny io projet io, eny efa misy tany voatototra, fa aoka ny fambolem-bary sy ny fiveloman'ny mponin'Ambohitrimanjaka, tsy ho potehana.

**Gina Andriankoto :** manana ny tantarany Ambohitrimanjaka sy ny manodidina, tokony hahay tantara ny mpitondra, fa tsy hanaotao foana toy izao.



Tra-boina may trano Mandrangobato

## Nanome fizaham-pahasalamana sy fizarana fanafody maimaimpoana ny CUA

Ny sabotsy teo tokony ho tamin'ny 1 ora maraina teo dia nitrangana haintrano teny amin'ny faritra Anosibe, Fokontany Mandrangobato faha-2. Raha ny fantatra dia ireo trano hazo teny amin'ny manodidina no lasibatra tamin'izany, mbola tsy fantatra mazava ny fototry ny afo hatreto. Raha ny antontan'isa voaray tamin'ny Fokontany sy ny Equipe locale de Soutien ( ELS) eny an- toerana dia trano miisa 32, misy fianakaviana 37 ary olona 167 no niharam-boina tamin'izany. Raha ny omaly alatsinainy dia tonga teny antoerana ny teo anivon'ny Boriboritany faha-4, kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), notarihan'ny Dokotera Mbolamasoandro Herisoa, izay lefitra voalohan'ny delegen'ny Boriboritany, nanome fizaham-pahasalamana sy fanomezana fanafody maimaimpoana ho an'ireo niharam-boina, ho fitsonjavana hatrany ny mpiara-belona, indrindra indrindra ny fahasalaman'izy ireo, izay marihana fa ao anantin'ny Vinan-dRamatoa Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana hatrany ny fijerena ny sosialin'ny mponina. Ankehitriny dia mbola ao amin'ny Akany Iarivo izay sekoly eo amin'ny manodidina ny toerana nitrangan'ny loza no mitoby ireo traboina, fa hanomboka ny alarobia izao kosa dia hifindra amin'ny toerana izay hametrahan'ny Fanjakana sy ny Kaominina azy, izay fantatra fa eo amin'ny toerana nisian'ny loza ihany. Manentana hatrany ny eo anivon'ny Kaomina Antananarivo Renivohitra ny anajanonana ny fanorenana trano hazo eto amin'ny tanàna ho fisorohana ny loza tahak'izao .



*Ny fitsaboana sy fizarana fanafody maimaimpoana nataon'ny CUA teny Mandrangobato.*

**Stefa**

Voarohirohy namono tanora 22 taona

## Nomen'ny fitsarana any Antalaha fahafahana vonjy maika, misy ny tsy mazava hoy ny fianakavian'ny maty

Nomen'ny fitsarana fahafahana vonjy maika ilay voarohirohy nanindrona antsy tovolahy iray vao 22 taona, maty tamin'ny alahady 06 oktobra 2019 lasa teo tany Ambodisatrana, Sambava. Nisaram-panambadiana izy sy ny vadiny kanefa mbola samy tsy nifankafoy. Ny olana, ny fianakavian'ny lahy dia tsy nankasitraka ny fiarahan'izy ireo intsony noho ny antony maro samihafa. Nanomboka teo dia nitombo hatrany ny disadisa sy ny tsy fifampitokisana intsony tamin'izy roa mivady ireo. Tamin'ny 10ora alina tamin'io alahady 06 oktobra 2019 io dia nisy niantso ilay tovolahy. Tsy sahy nilaza mivantana tamin'ny fianakaviany anefa ity farany fa ny vadiny teo aloha ihany io niantso azy io. Andeha hamonjy lanonana miaraka no niantsoan'io vadiny io azy. Tamin'ny 4ora maraina ny alatsinainy 07 oktobra 2019 dia nampandre ny fianakaviany ilay Ramatoa fa maty teny amin'ny lalana nody i Kapisy. Rehefa nojerena teny antoerana dia efa faty nihosindrà no hita. Taorian'izay dia nametraka fitoriana teny amin'ny Zandarmariam-pirenena ny fianakavian'Itompokolahy ary natolotra ny fitsarana ambaratonga voaloany tany Antalaha ny raharaha ny herinandro taty aoriana, izany hoe ny alatsinainy 14 oktobra 2019. Nitsipaka ny fiampangana azy anefa ilay Ramatoa, satria tsy misy ifandraisany aminy ny nahafaty an'i Kapisy, hoy ny fanazavany, fa nisy nandroba hono izy ireo raha sendra nikitikitika finday teny ambony moto, izay nanaovan'izy ireo taingintelo tamin'ny lalana mody any Andamoty Fokontany Ambodisatrana 2. Mangataka ny mba hisian'ny mangarahara ary hidirana lalindalina kokoa ny famotorana momba ity raharaha ity, satria manjavozavo ny momba ity tranga ity, izay nanomezan'ny fitsarana Antalaha fahafahana vonjy maika ho an'ireo olona izay voarohirohy ho namono nahafaty ny havan'ilay mpitsabo ao amin'ny CHRR Besoapaka ity. Marihina fa tsy noraisin'ny fitsarana ny "déclaration d'opposition" izay nataon'izy ireo ny 15 oktobra 2019. Voalaza fa ho tanterahina ny alarobia 06 novembra 2019 ny fitsarana ity raharaha ity. Ho arahintsika akaiky eo ny tohiny.



*Ilay lehilahy nisy namono tany Sambava ny 6 oktobra lasa teo.*

**Naina**

Etamazaoron'ny Tafika Malagasy

## Basy miisa 80 no saron'ny Tafika Malagasy tamin'ny hetsika nataony

Basy Kalachnikov miisa 8 ; basy "masse 36 " miisa 6; basim-borona miisa 30, no vaangon'ny tafika Malagasy, nandritra ny hetsika miaramila notanterahina tany amin'ny faritra Atsimo sy ny faritra Avaratra Andrefan'i Madagasikara, nandritra ny 7 volana misesy. Ankoatra ireo dia Dahalo aman-jatony no voasambotra ; omby miisa 12000 amin'ireo 13000 very no efa niverina amin'ny tompony ; miaramila iray no maty raha toa miaramila miisa 12 no naratra. Io no nisongadina nandritra ny tatitra nataon'ny Kolonely Rakotoniaina Maminirina, Lehiben'ny hetsika miaramila ao amin'ny Etamazaoro Jeneralin'ny Tafika etsy Andohalo ny faran'ny herinandro teo. Nilaza ity manamboninahitra iray ao amin'ny Tafika ity fa ny tanànan'Ambatofinandrahana no tena nahitana basy betsaka indrindra amin'ireo basy sarona nandritra ny hetsika ireo. Nanohy nanazava ity lehiben'ny hetsika Miaramila ity ny basy tratran'ny miaramila nandritra ny fisamborana dia tsy miverina any amin'ny tompony, fa mijanona ao amin'ny tobin'ny tafika ihany. Ankoatra ny fametrahana ny fandriampahalemana dia notanterahina nandritra ny hetsika miaramila ihany koa ny asa fanampiana ny sivily sy ny fikajiana ny tontolo iainana hoy ny Kolonely Rakotoniaina Maminirina, ao anatin'izany ny asa fampianarana ny zana-bahoaka, ny asa fitsaboana sy ny fahasalamam-bahoaka ; ny fanampiana amin'ny fambolen-kazo sy ny fiarovana ny tontolo iainana. Ny fisian'ny fandriampahalemana mandavan-taona, ny tsy fisian'ny fitaovam-piadiana miriaria, ny tsy fiatoan'ny asan'ny Foloalindahy no tanjona amin'ity hetsika ara-miaramila izay natao nandritra ny taona 2019, hoy ihany ny tompon'andraikitra ao amin'ny Tafika ity.

**Franck Razakambelo**

Fisolokiana sy fivadiam-pitokisana

## « Wanted » Rabe Jo Willy Niaina, DG ny Sourcin Voyage sy JK Group



Noho ny fisolokiana sy fivadiham-pitokisana, misy ny filazana avy amin'ny polisim-pirenena, ilazana izay mahafantatra an' i Rabe Jo Willy Niaina teraka ny 09 Oktobra 1983 tao Mandialaza Ambatomitsangana, tompon'ny karapanondro laharana 101 201 166 889, fa "wanted" na tadiavina izy io. Ny adiresy farany nahafantarana azy dia tao Faravohitra Antananarivo Lot II B 2 Bis, izy dia Tale jeneralin'ny orinasa Sourcin Voyage ary koa nitantana ny orinasa JK Group fahiny. Ny antony itadiavana azy dia mikasika ny fisolokiana sy ny fivadiam-pitokisana ataony amin'ny olona izay mifanerasera aminy, voatondro ihany koa izy fa manao taratsim-bola tsy misy antoka. Iangaviana araka izany izay olona mahita azy mba hampandre ny Polisy ekonomika etsy Anosy, na koa hiantso ny laharana 034 05 507 45 na 034 81 019 85 na 033 74 364 84 na 032 92 827 90 izay misahana ny famotorana.

**Ny Valosoa**

Hopitaly SALFA

## Fiaraha-misakafo no namaranana ny fankalazana ny faha 40 taona

Olona maherin'ny 400 no niara-nisakafo tetsy amin'ny Zaridaina Andohalo ny alahady tolakandro lasa teo, ho fanakatonana ny fanamarihana ny faha 40 taonan'ny Hopitaly SALFA (Sampan'asa Loterana misahana ny Fahasalamana). Lanonana nokarakarain'ny mpitantana Hopitaly SALFA, natrehin'ny Mpitandrina Rakotonirina Davida Filohan'ny fiangonana FLM, sy ireo tompon'andraikitra eny anivon'ny fiangonana Loterana eto Madagasikara, ireo mpiara-miasa sy ireo mpiara-miombon'antoka Malagasy sy vahiny ary ny mpiasan'ny Hopitaly SALFA miisa 50 manerana ny nosy. Efa betsaka ireo hetsika nentina nanamarihana ny faha40 taona teny amin'ny zaridaina Andohalo nanomboka ny alatsinainy 14 Oktobra 2019 lasa teo, tao anatin'izany ny fampahafantarana an'ireo asa fitsaboana vitan'ny Hopitaly SALFA nandritra ny 40 taona. Hita nandritra ny hetsika ihany koa ny fizahana maimaimpoana sy fitsaboana ny aretina sofina sy ny maso; ny fifaninanana fanatanjahantena nandraisan'ny mpiasan'ny SALFA manerana ny nosy anjara, ny seho kanto nanehoana ny talenta sy hira ara-pilazantsara. Nilaza Dokotera Rasoarimanana Sahondra, Tale Jeneralin'ny SALFA, fa nahitana fandrosoana ny Hopitaly nandritra ny 40 taona, ohatra: ny fitaran'ny toeram-pitsaboana manerana ny faritany, niha-lehibe ihany koa ny sampan'asa SALFA izany hoe ireo "Dispensaire" dia niova ho Hopitaly fitsaboana toy ny SALFA Fianarantsoa; ny SALFA Toliara. Nanohy nanazava ity tale jeneralin'ny SALFA ity, fa misokatra amin'ny fiaraha- miasa amin'ny mpiara miombon'antoka Malagasy sy vahiny toy ny USAID; UNFPA ny sampan'asa SALFA. Ny mampalahelo anefa hoy Dokotera Rasoarimanana Sahondra, sarotra ny manangana toeram-pitsaboana any ambanivohitra raha mbola eto Madagasikara satria ambany ny fahefa-mividin' ny olona,tsy afa- manoatra manoloana izany toe-javatra izany ny hopitaly SALFA hoy ity Dokotera mpitantana ity, satria sampan'asa mamelon-tena ny Hopitaly. Marihina fa aman'arivony ireo mpiasa manodidina ny Hopitaly SALFA manerana ny nosy, izay ahitana Dokotera mpitsabo miisa 100; "Chirurgien" miisa 20; "Paramedicaux" miisa 300; ireo mpandraharaha sy mpiasa maro be manerana ny nosy. Tsiahivina fa ny SALFA dia sampan'asa iray eo anivon'ny fiangonana Loterana Malagasy miandraikitra ny fahasalama-bahoaka izay manana vina miisa 4 dia ny SALFA lehibe; SALFA matanjaka; SALFA modely ary ny farany dia SALFA mitory ny filazan-tsara.

**Franck Razakambelo**



*Ireo mpiasa sy mpiara-miombon'antoka amin'ny Salfa teny Andohalo.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**19/10/19 hatramin'ny 26/10/19**

- **MAHAMASINA** (Mahamasina) 020 22 545 58/020 22 545 59/034 07 545 58
- **ISORAKA** (Isoraka) 020 22 285 04/020 22 694 12
- **CAPITALE** (Rond point Ankazomanga) 020 24 373 11/033 28 693 88
- **AMPANDRANA** (Ampandrana) 020 22 258 99 / 034 19 341 82
- **RABARISOA** (Andravoahangy près BOA ex imm SOLOPRIX) 020 22 229 86/034 07 229 86

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY MATEX Imprimerie**

Fametrahana 969-10-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

FARITRA BOENY

# Namolavola ny PNDIE, fampiroborobona ny foto-drafitrasa sy ny fampitaovana

Ny herinandro teo nandritra ny 2 andro, natao tao amin' ny Holidays Amborovy Mahajanga ny atrik'asa iraisam-paritra fakan-kevitra, hamolavolana sy hametrahana ny politikampirenena momba ny fampiroborobona ny foto-drafitrasa sy ny fampitaovana, na PNDIE (Politique Nationale de Développement des Infrastructures et Equipements). Fakan-kevitra iraisam-paritra, izay nandraisan'ireo Prefet an'i Diana, Sava, Sofia ary Betsiboka anjara. Tao ihany koa ireo Foibem-paritra sy Sampandraharam-panjakana ary ireo "comité d'orientation et d'élaboration de la PNDIE". Ny Préfet an'i Mahajanga no nanokatra ity atrik'asa izay nokarakarain'ny Ministeran'ny Fanajariana ny Tany, ny Toeram-ponenana ary ny Asa vaventy ity. Nanotrona azy ny Lehiben'ny faritra Boeny mpisolotoerana, Bazezy V. Clavelah. Notsiahivin'ny Talem-paritry ny Fanajariana ny Tany, ny Toeram-ponenana ary ny Asa vaventy any Boeny, Ramatoa Ramangazafiharivony, fa ny taona 2016 hatramin'ny 2018 no efa nisy ny fanadihadiana savaranonando mikasika ity politikam-pirenena momba ny fampiroborobona ny foto-drafitrasa sy ny fampitaovana ity ho an'ireo faritra rehetra manerana an'i Madagasikara. Fakan-kevitra avy tamin'ireo mpizaika kosa ny dingana natao teto. Izy ireo izay samy tompon'andraikitra voalohany amin'ny asany avy, ka afaka manazava ireo filàna foto-drafitrasa sy fampitaovana : ankilany hanatanterahan'izy ireo ny asany, ary andaniny hamaliany ny filan'ny vahoaka mila fandraharahana aminy. Efa vita teto Antananarivo ny fakan-kevitra ho an'Analamanga, Itasy, Vakinankaratra, ary Bongolava. Mifandran-dàlana amin'ny tany Boeny izao kosa ny an'ny faritra Atsinanana. Kasaina havoaka mialohan' ny faran'ny taona ny boky mirakitra ity politikam-pirenena momba ny fampiroborobona ny foto-drafitrasa sy ny fampitaovana ity rehefa voaravona avokoa ireo tolo-kevitra rehetra isam-paritra hoy Ramatoa Talem-paritry ny MATHTP Boeny.



*Ny atrikasa momba ny PNDIE natao tany Mahajanga ny herinandro teo.*

***Aly***

Banky BMOI-BCP

# Miara-miasa ho fampivoarana ny fandraharahana ara-bola eto Madagasikara

Fampiasana ny fandraharahana ara-bola manaraka ny fivoaran'ny teknolojia amin'ny alalan'ny fampiasana ny fitaovana informatika sy ny finday. Fiaraha-miasa mitodika amin'ny fampivelarana ny orinasa madinika sy salantsalany ary mifantoka bebe kokoa amin'ny fampivoarana ny tontolo ambanivohitra, no tanjon'ny vondrona banky BCP avy any Maroc (Groupe Banque Centrale Populaire), hanamafy ny fiaraha-miasa miaraka amin'ny banky BMOI eto Madagasikara. Nampahafantarina tamin'ny fomba ofisialy tetsy amin'ny Hotel Colbert Antaninarenina ny fidiran'ny banky BMOI ao anatin'ny vondrona BCP ny faran'ny herinandro teo. Lanonana nokarakarain'ny banky BMOI Antananarivo notronin'ireo mpiara- miasa sy ireo mpandraharaha amin'ny fikirakirana ny vola. Nilaza Andriamatoa Patrick Razafindrakoto, Tale Jeneralin'ny Fiaro sy tompon'andraikitra iray ao amin'ny BMOI, fa hanatsara ny tsena ara-bola eto Madagasikara ny fidiran'ny BMOI amin'ny vondrona BPC. Nanohy nanazava ity tompon'andraikitra iray ao amin'ny banky BMOI ity fa hisy fivoarana manomboka izao ny fomba fiasan'ny BMOI-BPC, satria hitodika amin'ny fikirakirana vola moderina ho an'ny mpanjifa ny BMOI. Ao Maurice no rantsamangaikan'ny vondrona BPC ho an'ny faritra ranomasimbe Indianina. Marihina fa ny vondrona BPC dia nijoro tamin'ny taona 1920, misandrahaka amin'ny firenena miisa 30 maneran-tany. Manana ivon-toerana banky maherin'ny 1500 izay misahana mpanjifa maherin'ny 5 500 000. Ny faritra Afrika Avaratra sy Andrefana ary Maurice no tena ahitana ny vondrona BPC.




*Ireo tompon'andraikitra ao amin'ny banky BMOI sy BCP.*

***Franck Razakambelo***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 298**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana


Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0297)

| **Mitsivalana** | | **Mitsangana** | |
|---|---|---|---|
| - Farara | - oangory | - Fiovana | - Re – Gia |
| - Ila – Al(a) | - Aia ? | - Alao – io | - Boaty |
| - Anao (Miv) – BOA | - Nianatra | - Rana – Ka (Miv) | - Roa (Miv) – RN |
| | - Aoka – Ony (Miv) | - Anana | - Ilainao |

### TENY MIFANARAKA N° 298



**Mitsivalana**

**1.** Manelingelina, sarotra **2.** Tsofoka – Toeram-piasana (Miv) **3.** Iray tampo – Tsirin-teny Mpanao (Miv) **4.** Eo amin'ny tratra – Hatsiaka **5.** Atsahatra – Vazo (BR) **6.** Fiandohan'ny litera – Hena sy anana (BL) **7.** Santionany **8.** Orinasa mpiantoka – Tsy misy fahadiovana (Miv) **9.** Fototenin'ny fanesorana – Heno **10.** Bibikely – Matoanteny (Miv)

**Mitsangana**

**A.** Manampahefana fahiny **B.** Kianteny – Ekipa malagasy **D.** Kere – Leha **E.** Loka **F.** Risika **G.** Foto-tenin'ny fifamoivoizana (Miv) – Kilema (BL) **H.** Dadany (BR) – Volana maromaro (Miv) **I.** Mari-bola – Ao amin'ny Baiboly (Miv) **J.** Nirady dia (BR) – Ao amin'ny vary **K.** Firakotra (Miv) – Tolory

### Valiny Teny mifanaraka 0297

**Mitsivalana**

1. Railovy - *Mi (Miv)* 2. EM - Nanala 3. Nandeha - AN 4. Ilaina - Dia 5. Ro - Naoty 6. *Maina (Miv)* - Eh 7. Nao - Onina 8. Tsaka - No *(Miv)* 9. Olana 10. Vola - Fisa

**Mitsangana**

A- Renirano B. Amalona - Zo D. No - Toy *(Miv)* E. Dina - Soa F. *Manena (Miv)* - Lo *(Miv)* G. Vahao - Fako *(Miv)* H. Ina - Tenany I. Dihy - As J. Ilay - Na(fy) K. *Manontany*




Kandidà tsy miankina any amin'ny **kaominina Kiranomena**, distrikan'i Fenoarivobe